


Jean-Jack Nelson RAMAMBAZAFY (Plix), mpanao gazety, sy Daniel Félix RAKOTOSEHENO (Dany Be), mpaka sary an-gazety (*"photojournaliste"*)

Ity manaraka ity misy lahatsoratra nosoratan'i Jean-Jack Nelson Ramambazafy na koa i Plix, izay tsy iza fa zokiko, mpanao gazety tao amin'ny RNM sy ny TVM. Mpiasam-panjakana misotro ronona izy amin'izao fotoana izao fa hoy izy :

*"NY LASA TSY FANADINO. ADIDY NY MITADIDY. NY OLOM-BELONA NO MITSARA FA TSY NY TANTARA"*.

78 taona ny 6 may 2022 lasa teo ny lehilahy ary mbola ao tsara mihitsy ny tadidiny. Arao tsara ary ny Tantara.

**Jeannot Ramambazafy**



Justine Kalotody sy Philibert Tsiranana

**Singanina ny zava-nisy**

Naninona no may ny Lapan’ny tanàna ? Satria nitsoaka niafina tao ny miaramila tao amin’ny FRS (*“Forces Républicaines de Sécurité”*) dia nodoran’ny mpanao fihetsiketsehana ny trano.

350 mahery ny olona notaterina tamina fiaramanidina tany Nosy Lava. Mpianatra ny ankamaroany fa nisy koa mpampianatra, ray aman-drenim-pianatra sy mpanao gazety.

Nandrahona ny ray aman-dreny fa raha tsy averina ny zanany dia ataony haza lambo ny tompon’andraikitra. Saika raikitra ny *« guerre civile »*!

Tatitra voapasoka no voarain’ny Prezidà Philibert Tsiranana momba ny toe-draharaha teto an-drenivohitra. Niala sasatra tany Ranomafana-Ifanadiana izy satria vao avy notsaboina tany Paris ny taona 1970 fa tapaka lalan-drà.

Tezitra mafy ny vadiny, Justine Kalotody, taorianan’ny kabary *“Tsak tsak Zato arivo”* ka nilaza hoe : *“Iana o ve tsy misaina fa vao mainka maha-romotra ny olona zany ?!”*.

Tsy nanam-po ny mpanao ny *“Grand Rallye International de Madagascar”* na GRIM, fa mbola nanainga ihany teo anoloan’ny Lapan’ny tanàna ka teny an-dàlana nihaino ny *"radio"* vao nahafantatra fa rotaka be ao Antananarivo ka foana ny *“rallye”* ka samy nanao izay fomba hodiany.



**Mijoro vavolombelona ny tenako satria mpanao gazety tao amin’ny Tvm niaina ny May 1972**. Naka sary ny *“rallye”* tsy tonga volana io. Nasaina namaky ny fanambarana hoe : *“Derain a ny FRS fa nahavita ny adidiny ary nankatoa ny baiko”*
. Nolaviko satria tena manamaivana ny tolon’ny tanora mpianatra sy olon-tsotra maty voatifitra.

Nahazo fandrahonana izahay tao amin’ny TVM. *“Inona no sary alefanareo rahariva momba ny zava-nisy, ohatra ny fiakaran’ny vahoaka nihoatra ny Iray hetsy nandeha teny Andafiavaratra ?”* , hoy ny antso an-telefaonina. *“Hodoranay io TVM mpandainga io”*
.



Sary tsy nivoaka n'aiza n'aiza satria nahery vaika ny sivana na "censure" tamin'izany vaninandro izany. Fa dia nitolona tokoa ny renim-pianakaviana ny volana May 1972 teo amin'ny Araben'ny Fahaleovantena ao Antananarivo

Herinandro tsy nody an-trano satria manomboka amin’ny 7 ora hariva ny *“couvre-feu”* ary tamin io ora io ihany koa no manomboka ny vaovao an-tsary.

Hentitra ny baiko. Nanjaka ny sivana (*“censure”*). Tsy misy sary sy feo avoaka na kely aza. Ary raha mankeny amin’ny 13 may ny mpanao gazety dia tompon’andraikitra samirery. Rehefa hita fa tsy ho voafehy intsony ny toe-draharaha izay vao lasa nanatevina ny laharana ny mpiasan’ny RTM.






### Colonel Richard Ratsimandrava : l'éphémère Chef d'Etat

"Tsy hiamboha adidy aho, mon général" ( Je ne me déroberai pas devant mes devoirs, mon général). Ainsi s'exprimait le colonel Richard Ratsimandrava, le 5 février 1975 lorsque le général Gabriel Ramanantsoa lui transmet les pleins pouvoirs. La mission de ce nouveau Chef d'Etat et Chef de gouvernement était en effet des plus difficiles, car le pays se trouvait dans une grave impasse politique comme l'expliqua le général Ramanantsoa ce jour là. "La nation traverse un moment difficile qui met en péril l'unité nationale avec l'action répréhensible d'une poignée de personnes. Une guerre tribale qui peut devenir une guerre civile nous menace". Ce choix ne fit guère l'unanimité au sein de la classe politique. Toutefois, cet officier de gendarmerie qui entama sa carrière politique en 1972 en tant que ministre de l'Intérieur dans le gouvernement Ramanantsoa était loin de douter que son pouvoir allait être des plus éphémères. Six jours après, il tomba et périt dans une embuscade à Ambohijatovo, à quelques mètres de sa résidence à Anjohy. Jusqu'à maintenant, cet assassinat n'a pas été élucidé. Le procès qui se déroula du 21 mars au 12 juin 1975 et au cours duquel comparurent 302 inculpés ne réussit pas à faire transparaître la vérité. Le 20 mai 1975, à l'initiative de Didier Ratsiraka, le Directoire militaire amnistia 270 prévenus. Le 12 juin le tribunal militaire rend son verdict, acquitte les accusés à l'exception de Boto, Laza Petit Jean et Maurice Alphonse qui écopèrent chacun de 5 ans de travaux forcés. ■